# 19 NY ASA

**TANJONA**

- Manakatra ny hasarobidin'ny asa avy amin'ny fandinihana lahatsoratra.

**LESONA HOTADIDIANA**

**1. Famaritana**

- Fomba fampihetsehana ny vatana sy ny saina amam-panahy ka mandreraka azy nefa ahazoana vokatra ny asa.
- Raharaha na zavatra atao isan'andro mba hahazoam-bola na valin-kasasarana, hamelomana ny tena sy ny ankohonana ary hanaovana adidy.

**2. Ireo sokajin'asa**

Maro dia maro tokoa ny karazana asa azo atao. Tsy ary ho voatanisa eto avokoa izany fa azo sokajina izany arakaraka ny toerana anaovana azy sy ny zavatra takina amin'ny fanatanterahana azy.

Sokajin'asa araka ny zavatra takiana amin'ny fanatontosana azy sy ny toerana anaovana azy:

- Asa mitaky herin-tsaina: Amin'ny ankapobeny dia ny saina no miasa betsaka mihoatra ny vatana. Asa mampihetsika sy mandreraka ny saina bebe kokoa noho ny vatana Izany hoe ampiasana ny saina hianatra alohan'ny hanaovana azy. Fahita betsaka an-drenivohitra toy ny mpiasa birao, mpampianatra, mpitsabo, …

- Asa mitaky herim-batana: Mila herim-batana tokoa izy ity, asa

mampihetsika sy mandreraka bebe kokoa ny vatana noho ny saina, izany hoe olona matanjaka sy tanora mbola ao anaty herim-batana no manao azy. Asa hita matetika sy betsaka eny ambanivohitra ary foto-piveloman'ny Malagasy toy ny fambolena sy fiompiana ary fanjonoana, …

- Asa mitaky herim-batana sy herin-tsaina miaraka: Mitaky herim-batana izy ity kanefa mila herin-tsaina ihany koa no sady mila fafaiza-manao na talenta. Tsy afa-misaraka ny vatana sy ny saina amam-panahy rehefa miasa ny olona iray. Tsy ara-dalana ary mandringa no mety ho ratsy ny vokatra azo raha banga ny iray amin'ireo, toy ny varotra, asa tanana: tenona, rary, zaitra, taovolo, rafitra, …

**Ohabolana sy oha-pitenenana**

- "Tsy misy mafy tsy laitry ny zoto."
- "Ny asa atao an-kira toa vita tsy natao."
- "Zararao ny raharaha: ny tapa-tanana miandry ondry, ny tapa-tongotra mitoto vary."
- "Ny valala tsy azo raha tsy handriana ilika."
- "Vavolombelon'ny mpiasa ny bainga."
- "Asa vadi-drano tsy vita raha tsy ifanakonana."
- "Samy zanaky ny mpanefy ka tsy mifampidera taim-by."
- "Mindram-pangady lohataona ka maniraka ny tompony hiasa"

**Sahanasa 1**

Fanadihadiana lahatsoratra

1- Fenoy ny fafana

| Asa natokana ho an'ny any ambanivohitra | Asa natokana ho an'ny any an-drenivohitra |
|---|---|
| | |

2- Inona no vokatra azo avy amin'reo asa voatanisa ao:

| asa | vokatra |
|---|---|
| | |
| | |
| | |
| | |

3- Hazavao ao anaty fehezanteny efatra fa miantoka ny aim-pirenena ny fambolena sy ny fiompiana:

..................................................................................................

..................................................................................................

..................................................................................................

..................................................................................................

## Sahanasa 2

1- Farito amin'ny fehezanteny roa ny atao hoe asa.

..........................................................................................

..........................................................................................

2- Tanisao ireo karazana asa fantatrao.

..........................................................................................

..........................................................................................

3- Manomeza ohatra roa isaky ny sokajin'asa fantatrao.

..........................................................................................

..........................................................................................

## Sahanasa 3

Hazavao ao anaty fehezanteny dimy ity ohabolana ity:
"Zararao ny raharaha: ny tapa-tanana miandry ondry, ny tapa-tongotra mitoto vary."

..........................................................................................

..........................................................................................

..........................................................................................

..........................................................................................

..........................................................................................

..........................................................................................

..........................................................................................

..........................................................................................